

RABEHAZA

Tantaran-dRABEHAZA

- 1- Rabehaza dia avy any Antsihanaka, ka naterin'ny Sihanaka tamin' Andrianampoinimerina, ka toy izao no fanatiny azy : Andrianampoinimerina o ! Tonga eto izahay Sihanaka avy manatona anao, ka aza vonoina lahy fa mitondra fahavelomana ho anao, fa nahare izahay, fa Andriana mahavaly soa hianao ka izany no itondranay ny ainay aty aminao ; fa efa maro ny mpanjaka nosikidiananay ho hatonina hitondranay an'ity Andriamanitra Rabehaza, zanahary nifidy mpanjaka ity :
  
- 2- Nosikidianay haleha ny mpanjaka tao antsinanina ao, ka tsy nety hankany Rabehaza, fa tsy ny ao no tompon'ny tany.
  
- 3- Dia nosikidinay indray ny tao avaratra ao, ka tsy mbola nety ho any Rabehaza, fa tsy ny ao no tompon'ny tany.
  
- 4- Dia nosikidinay indray ny tao andrefana ao ka tsy nety ho any Rabehaza, fa tsy ny ao no tompon'ny tany.
  
- 5- Ary nony nosikidinay ny aty atsimo ampovoan'ny tany aminao, dia nanaiky Rabehaza, fa ao no misy ny tompon'ny tany ; ka hianao Andrianampoinimerina no tondroiny aminay ho tompon'ny tany ; koa aza vonoina izahay fa mitondre (nifidy) anao, fa hianao no mpanjaka mahavaly soa ny mpanonjo manao soa. Koa tonga izahay 7 lahy mifampitondra aty aminao, -izahay 7 lahy mitondra an-dRabehaza ho aty aminao- Rabehaza mitondra anay fito lahy ho aty aminao.

Histoire de RABEHAZA

---

Rabehaza est originaire de l'Antsihanaka, et fut apporté à Andrianampoinimerina par les Sihanaka. Et voici comment ils le présentèrent :

- "O Andrianampoinimerina ! Nous voici, nous les Sihanaka nous sommes venus nous rallier à vous. Aussi ne nous mettez pas à mort, car nous vous apportons une source de vie. En effet nous avons appris que vous êtes un Prince qui sait rendre le bien. Aussi est-ce pour cela que nous mettons notre vie à votre disposition. En effet, nous avons déjà interrogé les graines divinatoires au sujet de plusieurs rois à qui nous pensions porter ce Dieu Rabehaza, Zonahary qui se montre exigeant quant à son roi.

Nous avons demandé aux graines si nous irions chez le roi qui se trouvait à l'est ; Rabehaza refusa d'y aller car ce n'est pas celui-là qui est le maître de la terre.

Nous avons ensuite interrogé les graines sur celui qui se trouvait au nord ; une nouvelle fois, il refusa d'y aller, car ce n'est pas celui-là qui est le maître de la terre.

Nous avons alors interrogé les graines sur celui qui se trouvait à l'ouest ; Rabehaza refusa d'y aller, car ce n'est pas celui-là, qui est le maître de la terre.

Et c'est quand nous avons interrogé les graines sur celui de ce sud qui est le vôtre au centre des terres, que Rabehaza accepta, car c'est là que se trouve le maître de la terre. C'est donc vous Andrianampoinimerina qu'il nous a désigné comme maître de la terre. Aussi ne nous mettez pas à mort, puisque nous avons opté pour vous car c'est vous qui êtes le roi qui peut rendre le bien à ceux de ses serviteurs qui font le bien. Et nous voici donc tous les sept, portant et nous faisant porter chez vous, - nous les sept hommes, nous portons Rabehaza chez vous, et Rabehaza nous porte tous les sept chez vous.

- 6- Nentinay hamoha anao raha matory, ary hitari-dalana anao raha mahatsiaro ; hevi-panjakana hataonao Andrianampoinimerina dia hanoro izay merina aminao ity Rabehaza ity, fa Rabehaza no milevina tsy mba lò, anati-rano tsy mba serpoetra, anati-tolampy mifongatra.
  
- 7- Mahery Rabehaza ka hianao Andrianampoinimerina no mahery mahazaka ny satany, (heriny). Ambony ny satany, ka raha tsy hianao ambony tsy mahasaka ny satany, fa mahery tsy toha izy.
  
- 8- Efa niremby (nitady) izay olona mahazaka azy izahay eran'izao ambon'ny tany ambanin'ny lanitra izao, ka tsy nisy mahazaka ny satany, fa Andriananahary ambonin'Andriananahary Rabehaza, ka aty aminao Andrianampoinimerina no fivorian'ny soa rohetra.
  
- 9- Ka tonga ity Rabehaza soa indrindra, Andriamanitra tavaratra tao anatin'ny omby 1000, tao anatin'ny vary be, tao anatin'ny vala-fotsy be. Andriananahary, Imanpanjaka, Itompon'olona, Soa Mahavory vahoaka, tsy resy an'ady.
  
- 10- Izae tompoko no soa hitanay ka aterinay aty aminao, fa aty no feiben'ny tany, aty no fodian'ny soa, ka tsy tafandry raha tsy tonga aty aminao Andrianampoinimerina ; ka raise amia-pifaliana, fa hahasoa

Nous l'avons apporté pour vous réveiller quand vous dormez et pour vous montrer le chemin quand vous êtes éveillé. Quand vous élaborerez des principes de gouvernement, Andrianampoinimerina, ce Rabehaza vous révélera ce qui vous reste caché, car c'est Rabehaza qui est celui qui, enterré, ne pourrait jamais, immergé, ne suffoque jamais, et enfoui dans le rocher, parvient à en réchapper. -6

Rabehaza est puissant ; et vous seul Andrianampoinimerina qui êtes puissant, pouvez supporter sa force. Sa force est grande, et un autre que vous qui êtes grand, ne pourrait supporter sa force, d'une puissance irrésistible. -7

Nous avons déjà recherché partout sur la terre et sous le ciel quel qu'un qui soit capable de le supporter, et nul n'a été capable de supporter sa force, car Rabehaza est un Andriananahary au dessus des Andriananahary. Et c'est chez vous Andrianampoinimerina que se trouvent réunis tous les biens. -8

Et voici venu Rabehaza qui est le bien suprême, Dieu venu du septentrion, qui vécut entouré de mille boeufs, entouré de riz à profusion, entouré de nombreux valafotsy (1). Il est Andriananahary, Dispensateur du pouvoir, Maître des hommes, bien qu'il ~~soit~~ ~~un~~ ~~peuple~~ invincible au combat. -9

Voilà, Monsieur, le bien que nous avons découvert et que nous vous apportons, car c'est ici qu'est le centre de la terre, ici la demeure où revient le bien ; et l'on n'a pu trouver le repos tant qu'on n'est pas arrivé chez vous Andrianampoinimerina. Recevez-le donc avec joie car il pourra -10

---

1) Valafotsy, inconnu des dictionnaires, semble s'opposer à valanena, qui désignait notamment dans l'ouest et le nord-ouest les enceintes-royales. Ce serait donc les enceintes entourant les domaines d'hommes libres non soumis à un pouvoir monarchique. Cela semble s'accorder à ce que nous savons de l'ancienne société sihanaka composée d'hommes libres dont ne se détachent que les seuls mpanazary aux pouvoirs essentiellement magico-religieux. Peut-être y aurait-il un rapprochement à faire entre l'opposition valafotsy-valanena et l'opposition valafotsy-valanena ?

anao sy ho lazanao eran'izao tontolo izao.

11- Dia niteny Andrianampoininerina hoe :

- "Faly aho ry lehiretsy, raha tonga aty aniko hianareo ka tonga tsy hiady, tsy hihodina, tsy hikomy aniko, fa tonga anin-kasoavana niten-dra zava-tsoa hanatona ahy teraky ny 12 nanjaka ; tsy nampanalaiko fa notarehin'ny 12 nanjaka hanatona ahy, ka nahalala ny varavaran-kovantanina sy ny lapa hidirana ; fa -reko any an-dafin'ny ranobe aza hohafarako -ao anatin'ny fahavalo aza hiadiako, ka indrindra, fa nanatona ahy fotsiny, fa tsy nba nampanahirana ahy.

12- Ka faly indrindra aho ry lehiretsy fa sitraky ny foko izao fahatongavanareo nanatona ahy izao, ka aza <sup>C</sup>nanantse-po, fa izaho Andriana lava hitsiny aman'olona fa tsy nba manitaka ; fa fady ahy ny mamono ny nahitsy, sanatria ahy ny handroaka ny nanatona, ary fady ny vavako ny hitezitra ny marina. Koa dia mandray anareo aho izao, ary noho izao fitiavanareo ahy izao kosa, dia saotra no oneko anareo lehiretsy.

13- Ary efa ola hiary izay no niresahantsika, ka indry honoko trano hitoeranareo.

14- Dia namaly kosa indray izy 7 lahy hoe :

- "Tsy nba nampoizinay Andrianampoininerina ny ho raisinao anampahale-nen-panahy toy izao, fa ny nampoizinay, dia ny ho robainao, raha tonga aty aminao ka ny Andrianahitra no ho raisinao, dia hataoanao babo izahay na ataona sarbotra; kanjo tsy babo na sarbotra izahay ity, fa nananjara indrindra samy nanatona fa hianao no nampiditra an-trano

vous faire le bien et sera votre renommée de par l'univers".

Andriantompoinimerina prit la parole .

-11

- "Je suis content, ô vous que voilà, que vous soyez venus chez moi et que vous y soyez venus, non pour porter la guerre, non pour m'assiéger, non pour vous rebeller contre moi, mais au contraire, vous êtes en effet venus avec bonté/par une chose bonne par devant moi, descendant des Douze Régnants. Je ne vous ai pas fait prendre, mais vous avez été guidé par les Douze-Régnants jusqu'à moi et vous avez su à quelle porte vous adresser, en quel palais pénétrer, (Je suis content, car vous aurais-je même su au-delà de la grande eau, je vous aurais fait porter un message, au milieu des ennemis j'aurais combattu pour vous avoir, et à plus forte raison le suis-je puisque vous êtes venus vers moi simplement et sans m'avoir en rien dérangé.

Je suis donc en ne peut plus content, ô vous que voilà, car cela -12  
satisfait mon cœur que vous soyez ainsi venus à moi. N'ayez donc aucun regret en vos coeurs car moi je suis un Prince dont l'équité avec les hommes est infinie et qui jamais ne trompe. En effet, je m'interdis de mettre à mort ceux qui sont faibles, je ne dois à moi-même de ne pas renvoyer ceux qui viennent à moi, et ma bouche s'interdit de vitupérer les justes. C'est pourquoi je vous reçoit maintenant, et de plus, pour cet amour que vous ne portez, ce sont des remerciements que je vous adresse, ô vous que voilà.

Et comme cela fait déjà assez longtemps que nous conversons, voici -13  
"je vous donne une maison pour que vous y demouriez".

A leur tour, les sept héros répondirent :

-14

- "Nous ne nous attendons pas, Andriantompoinimerina, à ce que vous nous receviez avec une telle affabilité, car ce à quoi nous nous attendions, c'était à ce que vous nous démunissions des notre arrivée chez vous, et que vous vous empariez du Dieu, et que vous fassiez de nous des captifs ou des hommes à vendre. Or nous ne sommes présentement ni des captifs, ni des hommes à vendre, mais des heureux entre tous ceux qui sont venus à vous

anay. °Tarantitra tonpoko e, mifanantera any ny Ambanilanitra !

15- Ary nony tafiditra an-trano izy 7 lahy ireo, (ao andrefan'ny °fatsifantsy, anilan'ny valanena, andrefana avaratr'Anpahimasina) dia norosoin-pahana, ka izao no fahana naroso ho azy 7 lahy : onby iray, tantely 1 vata, vary 3 sobiky, kitay 5 entana, vorona 11, olona hanao nahandrony : 3 vavy, 6 lahy.

16- Izany no niantombohan'ny fitondran'Andrianampoinimerina azy 7 lahy avy any Sihanaka, nitondra an-dRabahaza voalohany.

17- Dia faly sy niranirana ery izy fito lahy, fa nomen'ny Manjaka voninahitra lehibe, ka dia nisaotra ny Mpanjaka izy, ka nanao hoe :  
- "°Tarantitra, tonpoko, fa voky izahay.  
- Velona hianareo npanatitra.

18- Ary nony anpitso, dia nampanangy azy 7 lahy indray Andrianampoinimerina, ka hoy ny teny nentin'ireo iraka ireo :  
- "Manao ahoana ny hasasaranareo, manao ahoana ny fihinananareo, manao ahoana ny nandriandrahalina antsoin'ny Manjaka ?

19- Dia nanaly kosa izy 7 lahy, ka nanao hoe :  
- "Ny hasasanay dia tsy misy intsony fa afaka fa tonga aty anin' Andrianampoinimerina ; ny fihinananay dia voky, fa nofahaman'ny Mpanjaka ; ny fandrianay dia tsara, fa nomen'ny Manjaka trano fa tsara hi any Andriana no ataonay. Manao ahoana Andrianampoinimerina ?



puisqu'e c'est vous-même qui nous offrez l'hospitalité, Longue vie, Monsieur, vieillissez au milieu des Ambanilanitra !".

Et quand ces sept hommes furent entrés dans la maison, à l'ouest -15  
de la palée, à côté du valanena (1), au nord'ouest d'Ampahinasina, on  
leur fit présenter les cadeaux d'hospitalité, et voici les cadeaux que  
l'on présenta aux sept hommes : un boeuf, une boîte de miel, trois cor-  
beilles de riz, cinq charges de bois, onze volailles, et des gens pour fai-  
re leur cuisine : trois femmes et six hommes.

Telle fut dès le début la conduite d'Andrianampoinimerina à l'è- -16  
gard des sept hommes qui venaient du pays sihanaka et qui avaient appor-  
té Rabehaza les premiers.

Heureux, les sept hommes furent radieux, car le Roi leur avait fait -17  
un grand honneur. Aussi en rendirent-ils grâces au Roi en ces mots :  
- "Longue vie au prince, car nous sommes rassasiés.  
- Salut à vous les porteurs des cadeaux.

Et le lendemain, Andrianampoinimerina fit rendre visite aux sept -18  
hommes. Voici le message apporté par ces envoyés :  
- "Où en est votre fatigue ? Comment vont vos repas ? Comment avez-vous  
dormi cette nuit ? demande le Roi."

Les sept hommes répondirent pour leur part : -19  
- "Notre fatigue a disparu, car nous en avons été délivrés par notre ar-  
rivée ici chez Andrianampoinimerina. En ce qui est de nos repas, nous som-  
mes rassasiés car le Roi nous a fait des cadeaux. Quant à notre sommeil,  
il fut bon, car le Prince-Régnant nous a donné une maison, et ce sont les  
salutations d'usage au Prince que nous tenons à formuler. Comment se porte  
Andrianampoinimerina ?".

---

1) Valanena, ce mot a-t-il ici le sens d'enceinte du tribunal attesté par  
l'usage merina, ou bien le sens d'enceinte royale qu'il a dans les au-  
tres dialectes ?

20- Ary rehefa hiala ireo, dia nanao <sup>o</sup> tarantitra Andriana izy fito-  
lahy, dia nolazain'ireo iraka ireo <sup>o</sup> any ny Manjaka ny teniny.

21- Ary nony ampitso indray dia namangy Andriana izy 7 lahy, dia  
nanao tsara hiany Andriana aloha izy ireo, ka nanao hoe :

- "Sarasara tsy ambaka, tompoko e ! Tsarava tompoko e !

22- Rehefa vita izany, dia niteny Andrianampoinimerina, ka nanao  
hoe :

- "Manontany anareo ary aho ry lehiretsy,

Manao ahoana moa ny toetran'izany Andriamanitra Rabehaza izany, ary  
mba aseho ahy ho hitako ny tarehiny ?

23- Dia hoy izy fito-lahy :

- "Rabehaza, tompoko, Andriamanitra, ka raha tsy mandro hianao sy ho-  
mana sakamalao sy havoze, dia tsy hitanao izy fa Andriamanitra.

24- Dia niantso ny vadiny Andrianampoinimerina, ka nanao hoe :

- "Ravadiazoampy o ! Onco rano aho handroako.

25- Ary nony avy nandro izy dia nandray ny sakamalao sy havoze koa  
ka nihinana.

26- Dia hoy indray izy fito-lahy :

- "Arindrino ny varavarana, dia aoka handohalika avokoa isika rehetra  
ato an-trano.

27- Dia nisiaka Inanantsivaina (ny iray amin'izy fitolahy io) ka  
hoy ny feon'ny siakany :

- "Avia Rabehaza Andriamanitra !

Et quand les envoyés furent sur le point de partir, les sept hommes souhaitèrent longue vie au Prince. Ces envoyés rapportèrent leurs paroles au Prince-Régnant. -20

Le jour suivant, les sept hommes rendirent visite au Prince. Ils commencèrent par faire les salutations d'usage au Prince en disant : -21

- "Sarasara tsy ambaka, tompoko e ! Tsarava tompoko e ! (1)

Quand ils en eurent fini, Andrianampoinimerina prit la parole : -22  
- "Je vous interroge donc, ô vous que voilà, quel est donc l'aspect de ce Dieu Rabehaza ? et montrez-le moi que je voie son visage".

Les sept hommes dirent :  
- "Rabchaza, Monsieur, est Dieu. Aussi, à moins que vous ne vous baigniez et mangiez du gingembre et de l'anis, vous ne le verrez pas car il est Dieu". -23

Andrianampoinimerina appela sa femme et lui dit : -24  
- "O Ravadiazoampo ! Donnez-moi de l'eau que je me baigne".

Et quand il sortit du bain, il prit aussi le gingembre et l'anis et les mangea. -25

Les sept hommes dirent alors : -26  
- "Que l'on ferme la porte, et tous agenouillons-nous, nous tous qui sommes dans la maison.

Inanantsivaina (l'un des sept hommes) siffla, et le son de son sifflement disait : -27  
- "Venez divin Rabehaza !".

---

1) Ce sont là les salutations d'usage faites au Prince. La première ne s'adresse qu'aux Princes, la seconde s'adresse à tous les gens de la noblesse. La première, sans qu'on puisse donner le sens exact du mot sarasara, implique une idée de perfection renforcée par tsy ambaka, qui signifie "sans faille, sans fraude, sans égal". La seconde est un souhait formulé par l'impératif de tsara, "bon, béni".

Dia nidina avy any an-bovonana Rabehaza, ka naniditsidina ao an-trano rehetra, ao sady manelatrelatra tahaky ny helatra, ka niteny hoe :

- "Sambatra, sambatra, sambatra hiānao Andrianampoininerina, fa ny lapanao nidirako, ary ny varavaranao notsidihiko. Sambatra, sambatra, sambatra Andrianampoina fa tonga hiaro anao aho".

28- Izany no fitenin'io zavatra manelatrelatra ao an-trano io, sady nasaka amin'izay ny siakan'izy fito-lahy.

29- Ary nony novohana ny varavarana dia tsy hita teo intsony Rabehaza Andriamanitra eran'ny trano.

30- Dia gaga Andrianampoininerina, ka niteny hoe :  
- "Aiza izy teo lehiretsy no tsy hita vetivety teo ?

31- Dia hoy ny iray amin'izy fito lahy :  
- "Andriamanitra izy, tompoko e, ka tsy azo raisin-tānana raha tsy efa manana onby "leharanjy", sikidiny.

32- - Ka nankaiza izy izay ry lehiroana a ?

33- Dia hoy izy :  
- "Any anatin'ny vatolampy izy izay, tompoko e !

34- Dia hoy Andrianampoininerina :  
- "Onby <sup>o</sup>hoatrinona no leharanjy ?  
Dia hoy izy fitolahy :  
- "Onby lahy kely avela hatao karanjy (atao onby dia) tompoko e !

35- Dia nampaka onby lahy kely Andrianampoininerina, ka nalefa any antsaha hatao leharanjy ho an-dRabehaza.

Rabehaza descendit par la poutre faitière, voleta par toute la maison, tout en resplandissant comme l'éclair et disant :

- "Heureux, heureux, heureux êtes-vous Andrianampoinimerina car c'est dans votre palais que je suis entré et c'est à votre porte que je me suis présenté. Heureux, heureux, heureux, Andrianampoinimerina, car je suis venu pour vous protéger".

Ainsi parlait cette chose qui resplendissait dans la maison, tandis qu'atteignait son point de perfection le sifflement des sept hommes. -28

Et quand on ouvrit la porte, on ne vit plus là divin Rabehaza, lui qui avait resplendi par toute la maison. -29

Andrianampoinimerina fut étonné et dit : -30  
- "Où est-il passé, ô vous que voilà qu'on ne le voie plus subitement?".

L'un des sept hommes dit alors : -31  
- "Il est Dieu, Monsieur, aussi ne le peut-on saisir avec les mains, si on ne détient déjà un boeuf leharanjy, comme l'ont exigé en son nom les graines divinatoires.

" Mais dites-moi vous autres, où est-il allé maintenant ? -32

Il dit : -33  
- "Il doit être maintenant à l'intérieur du rocher, Monsieur !"

Andrianampoinimerina dit : -34  
- "A quoi ressemble donc un boeuf leharanjy ?  
Les sept hommes dirent :  
- "C'est un bouvillon qu'on laisse pâturer en liberté (vivre en boeuf sauvage), Monsieur !"

Andrianampoinimerina fit prendre un bouvillon et on l'envoya dans les champs pâturer en liberté pour Rabehaza. -35

36- Ary nony <sup>o</sup>afakapitso indray ny andro, dia nalain'Andrianampoinimerina indray izy fitolahy ireo ka nanontaniany ny anarany avy, ary izao avy no anarany :

1. Imanantsivaizina (1),
2. Rahilika,
3. Iraorao,
4. Ibedorapahe,
5. Ihaingihainy,
6. Itandroilo,
7. Ibeloboazasio.

37- Dia hoy Andrianampoinimerina :

- "Ireo ve no anaranareo lehiretsy ?
- "Eny Tompoko, izany no anaranay.

Dia nihomehy ny Andriana raha nahare izany anarana hafahafa izany.

38- Dia hoy indray ny Andriana :

- "Andeha isika hivavaka hahatongavan-dRabehaza Andriamanitsika, sady mba te-hitana azy aho ry lehiretsy.

39- Dia niteny Rahilika ka nanao hoe :

- "Aiza ary ny lefonao, tompoko.

Dia nomen'ny Andriana ny lefony ; dia niantso izy hoe :

- "Avia ry Behaza Andriamanitra, fa te-handray anao Andrianampoinimerina !

40- Ary nony afaka kely dia nidina avy any am-bovonana Rabehaza, ka nanelatrelatra tahaky ny Masoandro sy ny helatra no fijery azy. Dia niteny indray Rahilika, ka nanao hoe :

- "Mankanesa eo ampelatanan'Andrianampoinimerina, ka mipetraha eo ampofaony sy eo an-tsorony.

---

1) Imanantsivaina, dit-on au paragraphe 27.

Et le surlendemain, Andrianampoininerina fit venir à nouveau les sept hommes, et à chacun il demanda son nom. Et voici chacun des noms -36

1. Inanantsivaizina.
2. Rahilika
3. Irecreo
4. Ibedonapaho
5. Ihanigihanigy
6. Itandroilo
7. Iboloboazasio.

Andrianampoininerina dit :

- "Sont-ce là vos noms, ô vous que voilà ?" -37

- "Oui, sire, ce sont nos noms".

Le Prince eut un rire, quand il entendit ces noms bizarres.

Le Prince dit encore :

- "Allons donc prier pour que vienne Rabehaza notre Dieu, d'autant que, voyez-vous, j'aimerais bien le tenir dans mes mains". -38

Alors, Rahilika prit la parole et dit :

- "Donnez-moi donc votre sagaie, Monsieur ?" -39

Le Prince lui donna sa sagaie. Il appela :

- "Venez, ô divin Rabehaza, car Andrianampoininerina veut vous prendre dans ses mains."

Et peu après, Rabehaza descendit par la poutre faîtière et on le vit resplendir comme le soleil et l'éclair. -40

Rahilika prit à nouveau la parole :

- "Allez au creux de la main d'Andrianampoininerina, et posez-vous sur ses genoux et sur son épaule (1)".

---

1) Nous verrons (§42) que Rabehaza est constitué par trois oiseaux.

Dia nidina amin'izay Rabehaza ka nipetraka eo anoloan'ny Mpanjaka, dia nanatona azy, ka niakatra eo ampofoany sy eny an-tserony; dia raisin'ny Mpanjaka tana Rabehaza sady novohainy ny varavarana ka tsy niala intsony araky ny fanaony izy fa mijanona sy nibonaka tsara teo antanan'ny Mpanjaka ho jereny tsara.

41- Izany Rabehaza izany anefa, dia vorona hiany nefa mamirapiratra toy ny volamena ny fijery azy ary rehefa mandeha izy dia toy ny hoatra.

42- Ibehaza dia vorona telo, toy izao ny toetoetrany :

----- . . . . . -----

43- Raha jerentsika ny sarin-dRabehaza ao ambadika, dia hita fa toy ny vorona hiany ny bikany ; nefa misy felatana eo <sup>o</sup>any ny olany; ary ny sangany dia telo nilahatra ka misy <sup>o</sup>miratsandratsana madinika sy mamirapiratra ao anelanelany, ka mahafinaritra ny mijery azy.

44- Vorona mena tahaky ny volamena izy ireo, sady mamirapiratra toy ny masoandro no fijery azy ; ary tsy nisy zavatra azo ampitahaina aminy ety ambonin'ny tany ambanin'ny lanitra, fa indraindray izy dia mena, ary indraindray dia mainty, sahala <sup>o</sup>any ny alina ka tsy hita ho jerena akory, fa manjavona ao <sup>o</sup>any ny trano misy azy.

45- Raha jerentsika ny sarin-dRabehaza Andriamanitra, dia hita fa vorona telo izy. Ny anton'izany dia : Andriamanitra lahy sy Andriamanitra vavy ary Andriamanitra zanany, nefa iray hiany izy <sup>o</sup>any ny fitambarany dia Rabehaza, ka miara-niasa <sup>o</sup>any ny raharahany rehetra.



Rabehaza descendit alors et se plaça devant le Roi; puis il alla vers lui, monta sur ses genoux et sur ses épaules. Le Roi prit Rabehaza dans sa main en même temps qu'il ouvrit la porte; il ne se sauva plus comme il l'avait fait, mais il resta et se tint bien tranquille dans la main du Roi pour que celui-ci le voie bien.

Ce Rabehaza cependant ne différait guère des autres oiseaux, si ce n'est qu'à le voir, on croyait voir briller de l'or, et qu'en se déplaçant, il faisait penser à l'éclair.

Ibehaza était un ensemble de trois oiseaux, et voici à peu près à quoi il ressemblait.

Si nous regardons l'image de Rabehaza sur l'autre page, on voit que ses traits ressemblent assez à ceux des oiseaux mais il y a des mains sur ses ailes, et ses crêtes sont trois à se suivre, avec entre elles de petites ramifications qui scintillent, et c'en est beau à voir.

C'étaient des oiseaux rouges comme l'or, et qui, à les voir, jetaient des feux comme le soleil. Et il n'est rien qui leur soit comparable sur cette terre sous le ciel, car parfois, ils étaient d'un rouge rouge et parfois d'un noir égal à celui de la nuit; il n'était alors plus possible de les voir, car la maison où ils se trouvaient était comme envahie par le brouillard (1).

Si nous regardons l'image de divin Rabehaza, on voit que c'est un ensemble de trois oiseaux. La cause en est qu'il y a un Dieu mâle, un Dieu femelle et un petit Dieu <sup>en</sup> qui est issu. Et cependant ils ne sont qu'un seul quand ils sont réunis, et c'est Rabehaza. Et ils travaillent ensemble dans toutes leurs affaires.

---

1) Autre sens courant : "comme s'ils s'étaient transformés en fée".

46- Misy felatanana koa mitranga eo ° any ny tratrany, ary ireo felatanana ireo, dia misy ° ratsatanana sahala ° any ny ° ratsatan'ny olona dia (jereo ny sary).

47- Raha ny fahasiany zavatra no heverina dia fatratra, fa tsy misy zavatra tiany izay tsy asony, na any anati-rano be na any anatin'ny vatolampy, na aiza na aiza dia azony amin'ireo tanany mahery ireo avokoa ; ary satria mahazo be izay ilainy izy, ka izany no nanaovana ny anarany hoc, "Rabehaza".

48- Tsy mba noana Rabehaza, fa izay tiany dia hazainy ho haniny ; nefa tsy homan-javatra hitan'ny maso izy fa Andriananitra, ka ny heriny sy ny fahefany ary ny fahasianany no solon-kaniny, ka tsy mba noana na nangotaheta izy.

Ny fonba fisehoan-dRabehaza :

49- Rabehaza Andriananitra dia miseho am-pahitana amin'izay olona tiany hisehoana hiany, indrindra fa ny Mpanjaka, nefa ° any ny tsindri-mandry (nofy) no ahitana azy. Raha ° any ny ° atoandro no ihaviany na isehoany, dia misy setreka na zavona niaraka aminy, ary izy telo nianaka dia ao anatin'io zavona io, ka miseho ° any ny voninahiny mamirapiratra toy ny nasoandro naha tsy ho azo jerona akory. Ary dia natory ny Mpanjaka etc no mahita azy amin'izany fahitana izany, dia niresaka aminy sy milaiza izay noty hataony, ary milaiza aminy ny zavatra ho avy koa izy.

50- Ary indraindray kosa dia ° any ny alina no isehoan-dRabehaza, ka na dia naty asa ny jiro ao antrano, dia mazava manjapiaka rehefa tonga ao izy ; dia niresaka sy milaiza zavatra amin'izay ihaviany izy, na Mpanjaka na hafa.

Il y a aussi des mains qui apparaissent sur leur poitrine, et ces --46  
mains ont des doigts qui sont au nombre de cinq comme les doigts des  
hommes (regardez l'image).

Si c'est à leur aptitude à se saisir des choses que l'on pense, --47  
c'est extraordinaire car il n'est rien qu'il obtienne de ce qu'il désire,  
que cela soit dans une eau profonde, ou dans un rocher, ou n'importe  
où ailleurs, il obtient tout avec ces mains puissantes. Et parce  
qu'il peut obtenir beaucoup de ce dont il a besoin, c'est pour cela qu'on  
lui a donné le nom de Rabehaza.

Rabehaza ignore la faim, car ce qu'il désire, il le chasse pour --48  
son repas. Mais Dieu, il ne mange pas de choses visibles ; et c'est sa  
puissance, son pouvoir et sa sainteté qui lui sont des substituts de  
nourriture. Aussi ignore-t-il la faim et la soif.

#### Les apparitions de Rabehaza

Divin Rabehaza se montre bien à la vue des hommes auxquels il veut ap- --49  
paraître, et surtout au Roi; cependant c'est en rêve qu'on peut le voir.  
Si c'est à midi qu'il vient ou qu'il se montre, il y a de la fumée ou du  
brouillard qui l'accompagne, tous trois sont à l'intérieur de ce brouil-  
lard, et il se montre dans sa gloire étincelante, semblable à un soleil  
qu'il est à peine supportable de regarder. Et c'est en dormant que le  
Roi et les autres le voient lors de ces visions ; et il leur parle, leur  
dit ce qu'il leur conviendrait de faire, et leur dit aussi les choses à  
venir.

Et quelquefois au contraire, c'est pendant la nuit que Rabehaza --50  
apparaît, et même si la lumière est éteinte dans la maison, il y fait  
un jour éclatant quand il y arrive ; et que ce soit le Roi, ou que ce  
soit un autre, il parle et dit certaines choses à celui pour qui il est  
venu.

51- Ary izay zavatra lazain-dRabehaza °any ny tsindrinandry toy izany dia tsy maintsy tandremana tsara, fa raha minia mandika izany dia nahita loza tokoa, fa nivadika ny hatoka, ka ny tarehy sy ny lamosina no mifanitsy, ary ny kibo indray no tonga lanosina. Izany no nahazo ny olona izay mandika ny °didiny Rabehaza.

52- Ny zavatra raràny anefa dia vitsivitsy hiany, toy izao :

1. Ny ombiny "Ilairanjy" dia tsy azo torahina.
2. Tsy idiran-tongolo na sifotra ao antreno ary tsy nipetraka °any ny vodiharona ny mpitahiry azy.
3. Tsy miditra am-paty ny mpitahiry azy.
4. Tsy homan-kena ratsy ny mpitahiry azy.
5. Tsy homana anantsinahy ny mpitahiry azy.
6. Tsy idiran'osy na kisoa ao °any ny trano misy azy..
7. Tsy azo lombàna (ialohàna) ny mpitahiry azy, raha fahavaratra °nikotroka ny orana, fa izay mialoha azy eo an-dàlana dia matin'ny varatra.

53- Ireo zavatra fito ireo no halany, ka fadina tsy azo setraina nihitsy, fa maty tokoa raha mandika ireo, na iza na iza, fa tsy misy fanindrà-po ; fa izay mahatandrina tsara kosa, dia mandray soa °any ny Rabehaza, fa ny vary dia ho vokatra tsara, ny havandra tsy misy, ny rano fotsy (ranobe) sy ny rivotra be hanono ny vary dia tsy misy, ary nare fara sy nare dirby koa izay mahatandrina azy tsara.

54- Ny sorona fanao anin-dRabehaza Andriananitra.

1. Manome omby isan-pahavaratra, ary rehefa lehibe sy matavy Ilaharanjy (ombin'Andriananitra) dia vonoina hatao sorona ho azy.
2. °Milaolao isan-bolana ho fanomezan-boninahitra an-dRabehaza Andriananitra.
3. Voahangy nivady sy vola-tsivaky no hasina fanao anin-dRabehaza Andriananitra.

Et ce que Rabehaza dit ainsi par le biais d'un songe, il faut bien y prendre garde, car celui qui ose le transgresser, trouve effectivement le malheur : la nuque tourne sur elle-même, et ce sont le visage et le dos qui sont du même côté, cependant que le ventre prend la place du dos. Tel est le lot des gens qui transgressent les décisions de Rabehaza. -51

Les choses qu'il interdit sont toutefois peu nombreuses ; ainsi: -52

1. A ses bœufs Lairanjy, on ne peut lancer des pierres.
2. On ne fait pas entrer d'oignons ni d'escargots dans la maison, et ses gardiens ne s'assoient pas sur les fonds de corbeilles.
3. Ses gardiens ne pénètrent pas dans une maison mortuaire.
4. Ses gardiens ne mangent pas de viande de funérailles.
5. Les gardiens ne mangent pas d'herbe-surprise.
6. On ne fait entrer ni chèvre ni porc dans la maison où il se trouve.
7. On ne peut précéder ses gardiens, quand à la saison des orages, le tonnerre gronde ; car qui le précède sur la route est foudroyé.

Voilà les sept choses qu'il déteste, aussi les a-t-on tout à fait interdites et ne peut-on les braver, car celui qui les transgresse est sans merci frappé de mort, quel qu'il soit. Mais celui qui les observe bien par contre, reçoit du bien de Rabehaza : ainsi le riz donnera une belle récolte, il n'y aura pas de grêle, il n'y aura ni eau malfaisante, ni grand vent qui tueraient le riz ; de plus celui qui les observe bien aura une descendance et une postérité sans nombre. -53

Les offrandes que l'on fait à divin Rabehaza : -54

1. On tue des bœufs à chaque saison des orages, et quand Ilaharanjy (bœuf de Dieu) est grand et gras, on le tue pour lui en faire offrande.
2. On fait fête chaque mois pour honorer divin Rabehaza.
3. C'est une paire de perles et une monnaie-entière qui est offerte en hasina à divin Rabehaza.

- 55- Ireo zavatra telo ireo hiary no fanao sorona amin-pahasoavana ho an-dRabehaza Andriananitra.
- 56- Rehefa voalaza izany, dia hoy Andrianampoinimerina :  
- "Misaotra anareo aho ry <sup>o</sup>ilehiretsy (1) fa tsara ny filazanareo azy, ka aza malahelo kosa hianareo fito-lahy, fa manana ahiy ho ray aman-dreninareo ; nefa aiza no tiary sy tsara hipetrahany ?  
Ary nony hilaza izany, ny iray amin'izy fito-lahy, dia nanavy sy nangovitra niaraka amin'izay, (fa tsindrian-dRabehaza Andriananitra eo ampitocrana eo). Dia niteny eo ampangovitana izy hoe :  
- "Izay tendrombohitra avo mahatazana an'Ambohinanga sy Antananarivo sy Ilafy sy Inanohana sy Ambohidrabiby sy Alasora sy Ambohijoky etc"; izany, hono, no tiary hipetrahana, tonpoko e.
- 57- Dia noheverina izay tokony hahatsinjo izany, dia hoy Andrianampoinimerina :  
- "Ao Ambohibe misy ny havako no mahatsinjo izany, ka manao ahoana raha ao ?  
- "Tsara izany tonpoko e, hoy ny mpitondra an-dRabehaza Andriananitra.
- 58- Dia ao Ambohibe ho nametrahana an-dRabehaza Andriananitra, ka ny terak Andrianifantsy no nitana azy sy ny zanak'Andriatrimo sy ny zanak'Andriamponandriana ary ny zanak'Andrianonpanjaka.
- 59- Dia ireo Andriandranando ireo no nitahiry an-dRabehaza Andriananitra, ary izy no mpanoha an'Andrianampoinimerina ; dia <sup>o</sup>nanatidaolao eny Ambodiakondro ireo mpitahiry azy ireo.

---

1) Ms : iheretsy.

Ce ne sont que ces trois choses dont on fait gracieuse offrande à divin Rabehaza. -55

Ceci ayant été exposé, Andrianampoinimerina dit : -56

- "Je vous remercie, vous que voilà, car vous l'avez bien dit. Aussi de votre côté, n'avez, tous les sept, aucun regret, car vous n'avez pour père-et-mère ; cependant dites-moi : en quel lieu veut-il demeurer et qui soit favorable ?

Et quand il s'apprêta à répondre à cette question, l'un des sept hommes eut à l'instant même un accès de fièvre et se mit à trembler, (il était chevauché sur place par divin Rabehaza). Et tout en tremblant, il disait:

- "C'est sur la haute montagne d'où l'on peut voir Ambohinanga, Tananarive, Ilafy, Namohana, Ambohidrabiby, Alasora, Ambohijoky, etc." C'est-là, dit-il qu'il aimerait résider, Monsieur".

Et l'on réfléchit pour trouver quelle était cette terre susceptible d'offrir une vue sur tout cela. -57

Et Andrianampoinimerina dit :

- "C'est à Ambohibe où il y a un de nos parents que l'on peut avoir une telle vue. Qu'en serait-il donc, si on l'y plaçait ,

- "Ce serait bien, Monsieur, dirent ceux qui apportaient divin Rabehaza.

C'est donc à Ambohibe que l'on installa divin Rabehaza, et ce furent les descendants d'Andrianifantsy qui le gardèrent, ainsi que les enfants d'Andriatrimo, les enfants d'Andriamponandriana et les enfants d'Andrianompanjaka. -58

Et ce furent ces Andriandranando qui conservèrent divin Rabehaza, qui devint quant à lui l'éveilleur (1) d'Andrianampoinimerina, et ces gens qui le gardaient, allaient offrir des réjouissances à Ambodiakondro. -59

---

1) C'est-à-dire celui qui lui redonnait conscience dans la sommeil pour lui faire des révélations.

- 60- Ary dia nomen'Andrianampoinimerina zavatra ireo olona nitondra an-dRabehaza ireo, ka ny zavatra noneny azy, dia izao : vola, vohangy, lanba, salaka, omby, sany noneny azy be avokoa ireo zavatra ireo, ary Andriandranando kosa no nitahiry an-dRabehaza.
- 61- Ary nony ela, dia nianboho Andrianampoinimerina, ka Radama I no nandinby azy, ary Radama I kosa mpanjaka nanory tany sy fanjakana, ka izay nalehany dia nanohazan-dRabehaza azy, dia nahazo soa tanin-dRabehaza Andriandranando tsivakivolo. Ary ny hasina sy ny forba fanao tanin-Andrianampoinimerina dia tsy <sup>o</sup>novany Lehidama I, fa soa nitombo mandrakariva. Izany no <sup>o</sup>nataony Lehidama I tanin-dRabehaza Andriananitra.
- 62- Randriantovo no nitahiry azy tanin-dRadama I, ka na inona na inona raharaha tiany hatao, dia Randriantovo no alainy hisotra sy hangataka fitahiana anin-dRabehaza Andriananitra.
- 63- Izay hevitra lazain'ny mpitahiry ny Mpanjaka, dia tsy heviny fotsiny tsiakory, fa hevitra avy anin-dRabehaza Andriananitra, ka lazainy <sup>o</sup>any ny mpitahiry azy <sup>o</sup>any ny tsindriandry ho lazaina <sup>o</sup>any ny Mpanjaka. Ary ny Mpanjaka kosa dia manaraka izay zavatra lazainy, fa Andriananitra tsy nba milaza lainga Rabehaza, fa ny marina no lazainy.
- 64- Ary rehofa nianboho indray Lehidama, dia Ranavo atao hoe : Rabodonandrianampoinimerina (na Ranavalona I) indray no nanjaka. Dia nalainy Rabehaza hitsodrano azy raha vao hanjaka izy, ka nohasininy sy noneny voninahitra lehibe, dia noneny omby hatao lanonana, ary nampanaoviny hira isantokony sy isam-bohitra : Ambohibe, Imanankasina, Inanandrarinny, Betsizaraina, Ampomanjaka, Manazary, Tsarahasina sy ny vohitra nanodidina nanaiky any Rabehaza Andriananitra.



Et Andrianampoininerina donna des choses à ces gens qui avaient -60  
apporté Rabehaza, et voici les choses qu'il leur donna : de l'argent,  
des perles, des toges, des ceintures-tabliers, des boeufs, de chacune de  
ces choses il leur en donna en grande quantité ; mais ce furent les An-  
driandranando qui eurent la garde de Rabehaza.

Et longtemps après, Andrianampoininerina trépassa, ce fut Radama I -61  
qui lui succéda, et comme Radama I était un roi qui rassembla la terre  
et le pouvoir, partout où il allait, Rabehaza lui apparut dans son som-  
neil. Et par suite, tous les Andriandranando obtinrent du bien grâce à  
Rabehaza. Et Lehidana I ne changea rien aux offrandes et aux usages éta-  
blis par Andrianampoininerina, bien au contraire, les bienfaits ne cessè-  
rent de croître. Ainsi fit Lehidana I au profit de divin Rabehaza.

C'est Randriantovo qui en eut la garde du temps de Radama I. Et -62  
quelle que fût l'affaire que celui-ci désirait entreprendre c'est Ran-  
driantovo qu'il faisait venir pour rendre grâces à divin Rabehaza et lui  
demander sa bénédiction.

Tout conseil donné au Roi par le gardien, n'était pas simplement -63  
un conseil personnel, mais un conseil venant de divin Rabehaza, qui le  
communiquait au gardien pendant son sommeil pour qu'il le transmette au  
Roi. Et le Roi, quant à lui, suivait ce qu'on lui disait, car Rabehaza  
était un Dieu qui ne disait jamais de mensonge, ne disant que la vérité.

Et quand trépassa à son tour Lehidana, ce fut Ranavo qu'on nomma -64  
Rabodonandrianampoininerina (ou Ranavalona I) qui à son tour régna. Elle  
fit venir Rabehaza pour le bénir lorsqu'elle allait recevoir le pouvoir ;  
elle lui offrit le hasina et lui accorda un grand honneur. Elle lui don-  
na des boeufs pour faire fête et fit exécuter des chants par chaque pro-  
vince et chaque village. Ambohibe, Manankasina, Manandrarinny, Setsizarai-  
na, Ampomanjaka, Manazary, Tsarahasina et les villages des environs qui  
s'étaient soumis à divin Rabehaza. Et

- 65-           Ary izao no hira nataony teo Ambodiakendro (ranon-dRabehaza) :
- " Andriamanitra tsy hitan'ny vahoaka maso e, Rabehaza
- " Fa Rabodonandrianampoina no mahita azy !
- " Andriamanitra tsy nataon-tanan'olona e, Rabehaza
- " Fa nanao ny olona rehetra ;
- " Andriamanitra tsy hohadinoina e Rabehaza,
- " Fa nahary ny olona rehetra :
- " E ! Masina Ibehaza
- " E ! Masina Ibehaza
- " Andriamanitray e, Andriamanitray e !
- 66-           Ary nony izany, dia manao tsikonina ny tovolahy sy ny tovovavy (mahandro hanina<sup>o</sup> amy ny vilany kely eny antsaha dia nifanasa). Ary nony efa masaka ireo, dia samy manatitra ao anati-rano Andriamanitra ao Ambodiakendro aloha vao nahazo homana. Ary izao no fanaterany azy ao :
- " Avy nanemo voninahitra anao izahay Rabehaza fa tsy sahy homana alohanao, ka manatitra ny anjaranao.
- 67-           Dia nihetsiketsika amin'izay ny rano, ary mangorohoro ny zaza aman-behivavy ; nefa faly izy, fa noraisin'ny Andriamanitra ny fanalanbeady nateriny. Ka aoka re izany ny dihy nataony tanin'io andro io, fa ny lehilahy mipiaka ampinga sy lefona. Ary ny vehivavy kosa dia mihira sy nitehaka aoka izany.
- 68-           Io no fifaliana voalohany nifalian-dRabodonandrianampoininerina<sup>o</sup> tany ny Rabehaza. Ao Ambodiakendro atsinon'Ambohibe, <sup>o</sup> andrefany Isarobaratra, ambony <sup>o</sup> antsinanany Isoananandrarinny, ambonin'Ibetsizaraina. Eo no filalaoavana fanaovana dihibe ho an-dRabehaza, ary ny haingon'ny olona amin'izany dia tsy azo lazaina intsony, fa andro lehibe io.

Et voici un chant qu'ils firent à Ambodiakondro (le lac de Rabehaza): -65

" Dieu invisible aux yeux du peuple est Rabehaza,  
 " Seule Rabodonandrianampoina peut le voir !  
 " Dieu qui ne fut pas fait de mains d'homme est Rabehaza,  
 " C'est lui qui a fait tous les hommes !  
 " Dieu que l'on n'oubliera pas est Rabehaza,  
 " C'est lui qui a créé tous les hommes !  
 " O ! Saint est Behaza !  
 " O ! Saint est Behaza !  
 " C'est notre Dieu ! c'est notre Dieu !

Après ce chant (1), jeunes gens et jeunes filles préparaient une -66  
 dinette (ils se rendaient aux champs faisaient cuire des aliments dans  
 de petites nannites et s'invitaient mutuellement). Et quand les aliments  
 étaient cuits, chacun en portait dans le lac du Dieu à Ambodiakondro  
 avant d'avoir le droit de manger. Et voici comment il lui faisaient l'of-  
 frande :

" Nous venons vous honorer, Rabehaza, car nous n'osons manger avant vous,  
 aussi vous apportons-nous votre part".

L'eau se mettait alors en mouvement, et les femmes et les enfants -67  
 tremblaient de peur, cependant ils étaient contents, car le Dieu avait  
 accepté l'offrande qu'ils avaient apportée. Et quelles ne furent alors  
 les danses qu'ils exécutèrent ce jour-là : les hommes brandissaient sa-  
 gaies et boucliers, tandis que les femmes chantaient et battaient des  
 mains .

Ce furent là les premières réjouissances par lesquelles Rabodonan- -68  
 drianampoinimerina fêta Rabehaza (cela se passait) à Ambodiakondro, au  
 sud d'Ambohibe, à l'ouest de Sarobaratra, au-dessus de Soananandrarinny,  
 vers l'est, au-dessus de Betsizaraina. C'est là que se trouvait le ter-  
 rain de jeux où l'on exécutait les grandes danses pour Rabehaza, et les  
 parures des gens pour l'occasion, on ne saurait en parler, car ce fût un  
 grand jour.

---

1) A partir d'ici et jusqu'à nateriny (n.67), nous avons en malgache une forme  
 en m- que nous traduisons par l'imparfait et qui est utilisée pour rapporter  
 ce qui se faisait habituellement après ce chant.

69- Ary nony tsinana indray ny volana Alakaosy, dia nampilaza<sup>o</sup> any ny Andriamanjaka ny mpitahiry azy, ka nanao hoe :

- "Tonga ity ny andro fanandrànana an-dRabehaza Andriamanitra.

Dia namoaka ny fonba fanasina azy amin'izay ny Manjaka, dia izao :  
omby vatoambo sy omby volotakatra sy voahangy nivady sy mason-bola  
nivady sy volatsivaky atao hasina.

70- Ary dia midina amin'izay ny zenak'Andriana nitondra ireo zavatra ireo hanome voninahitra an-dRabehaza Andriamanitra. Ary raha vao nahatazana azy ny vahoaka, dia foy ny akoralava sy ny hoby nanao hoe :

- "Tsy<sup>o</sup> latsakafana, tsy tonga hasina".

